


**Ny Praiminisitra sy minisitry ny Ati-tany Olivier Mahafaly**




**Lapam-panjakana Mahazoarivo, 15 Mey 2017**. Niaiky ny Praiminisitra Olivier Mahafaly fa misy tomponandraikim-panjakana ao anatin' ny tambazotran'ny asa ratsy, indrindra ny fangalarana ny lavanila eto Madagasikara, ary manao izay hazahoany tombontsoany manokana ireo tompon'andraikitra ireo. Tsikaritra tokoa fa isakin'ny misy fotoana akaiky amin'ny fahavokaran'ity lavanila ity, dia misy hatrany ny olona izay mitondra takaitra, ny ankamaroan'izy ireny dia ireo tantsaha mpamokatra azy ity. Na maty na ihany koa maratra noho izay fiarovana ny fananan'izy ireo izay. Ao koa anefa ireo izay manaratsy ny kalitaon'ity vokatra ity, ka mbola tsy masaka tsara sy tsy amin'ny fotoany dia efa misy sahady ny mioty izany. Ny halatra moa no tena maro, saingy tsy hita izay vokatra azo eo amin'ny fanadihadihana rehefa misy ny tratra amin'ireo mpanao ratsy. Dia saika toy izany hatrany no mitranga isan-taona any amin'ireny toerana fahavokaran'ity vokatra iray ity. Ny lavanila rahateo dia anisan'ireo vokatra izay be mpitady tokoa indrindra fa ny any ivelany, ary eo ny vidiny izay ambony dia ambony tokoa. Araka ny fanazavana nataon'ny olomboafidy any amin'ny faritra mamokatra azy ity, dia any amin'ny 1.200.000 Ariary ny kilao ny lavanila. Indraindray aza dia tafakatra mihoatra izay arakakaraka ny hatsaran'ny kalitao. Sehatra fifaninana aram-barotra moa izy ity, hany ka mandeha daholo ny hafetsena rehetra haniliana ny mpamokatra hafa. Ny sasany indray dia manararaotra ireo mpamokatra tsy mahita ny lalàm-barotra ka dia mividy izany amin'ny vidiny ambany dia ambany. Iny indray avy eo no amidy lafo any ivelany. Raha zohina dia maro ireo mpamokatra ity lavanila ity no tsy dia mahita mangirana loatra amin'ny fanondranana fa saika

ireo efa mpanam-bola sy manàna ny lalam-barotra no mahazo vahana.

**SAZIANA FARANY IZAY HENJANA IREO MANAO TSY METY**

Noho zava-mitranga tato ato momba ny tsy fandriampahalemana ankapobeny, indrindra ny resaka halatra sy vono olona, ka mahatonga ny sarambabem-bahoaka tsy mametraka fitokisana amin'ny mpitondra, anao fitsaram-bahoaka, dia nanatanteraka fivoriana ny eo anivon'ny fiadidiana ny Praiminisitra niaraka tamin'ny mpikambana vitsivitsy ao amin'ny Gouvernemanta, izay saika tao avokoa ireo minisitra voakasika ity fandriampahalemana.

Navoitran'ny Praiminisitra Olivier Mahafaly Rasosolonandrasana fa :

"Ity fivoriana tsy ara-potoana ataon'ny minisitra vitsivitsy ity dia tafiditra amin'ny ezaka atao amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, indrindra fa mahakasika ny herisetra momba ny halatra lavanila. Betsaka ny fanakianana izay ataon'ny olo-tsotra, ny mpanao politika ary hita fa mitombona izany, ary izay mety ho ahiahy. Ka famaliana izay ahiahy izay indrindra no anton'ity fivoriana maika ity ka hamahana ny olana manoloana ny herisetra sy ny vonon'olona, ratra aterakin'ny halatra lavanila ary ny fivarotana azy antsokosoko".

Maro ny antony mahatonga izany, ary ny mampalahelo, hoy ihany ny Praiminisitra, dia misy ny tompon'andraikitra ara-panjakana isan-tsokajiny, any amin'ity fahavokarana lavanila ity izay tafiditra ao anatin'ny firaisana tsikombakomba amin'ny halatra.


Mahazoarivo 15.05.2017

[illegible]